

DIRE CE QU'ON N'AIME PAS / MILAZANY ZAVATRA TSY TIANA

Rehefa hita teo ambony ireo fomba fiteny ampiasaina entina milaza ny zavatra tiana, dia hojerena manaraka eto kosa ireo fehezanteny fampiasa rehefa miresaka ny zavatra tsy tiana.

Mampiasa verbe "détester"

- Je **déteste** les crevettes. / Tsy tia patsabe aho.
- Ma fille **déteste** les poupées. / Tsy tia saribakoly ny zanako vavy.
- Mon ami **déteste** jouer au volley-ball. / Tsy tia milalao velley-ball ny namako.
- Je **déteste** être en retard. / Tsy tia tara aho.

Ankoatra ny fampiasana ny verbe "détester", dia ireto ihany koa misy fomba fiteny hafa azo ampiasaina entina milaza ny zavatra tsy tiana.

- Il **ne supporte pas** mon patron. / Tsy zakany ny ataon'ny mpampiasa azy.
- Je **ne supporte plus** ma vie. / Tena leo ny fiainako aho.
- J'ai **une dent contre** cette fille. / Tsy mifankahazo amin'iny vehivavy iny aho.
- Mon papa **a une dent contre** lui. / Tsy mifankahazo aminy ny dadako.
- Cet homme est **la bête noire** de tous mes amis. / Tsy tian'ny namako rehetra maizina io rangahy io.
- La grêle est **la bête noire de** la riziculture. / Ny havandra no tsy tian'ny fambolem-bary indrindra.
- Mon voisin est un vrai hypocrite, je **l'ai dans le nez**. / Tena mpiatsaravelatsihy be ny mpiray monina amiko, dia tena tsy tiako.
- Il pense que tu **l'as dans le nez**. / Heveriny fa tofoka azy ianao.

Ankoatra izay, dia fomba tsotra entina milaza ny zavatra tsy tiana ihany koa famadihany ireo fehezanteny (milaza ny zavatra tiana) amin'ny endrika mandà.

- Je n'aime pas rester dans un hotel. / Tsy tia mijanona any amin'ny hotely aho.
- Tous mes collègues n'aiment pas boire de la bière. / Tsy misy tia misotro labiera ny mpiara-miasa amiko.
- Ça ne m'intéresse pas vraiment. / Tsy dia mahaliana ahy loatra izany.
- Ça ne me plaît pas de passer des vacances dans ce pays. / Tsy tiako ny manao vakansy any amin'io firenena io.
- Je ne suis pas vraiment intéressé par le Huawei. / Tsy dia mahaliana ahy loatra ny Huawei.
- Ça ne me dit pas grande chose de faire du lèche-vitrines. / Tsy dia mahaliana ahy loatra ny mandeha mijerijery tsena.

détester: tsy tia

crevette: patsabe

poupée: saribakoly

jouer: milalao

être en retard: tara

supporter: mahazaka (tranga)

patron: mpampiasa

vie: fiainana

avoir une dent contre: tsy mifankahazo

homme: rangahy, lehilahy

la bête noire: zavatra na olona tsy tiana maizina

ami: namana

grêle: havandra

riziculture: fambolem-bary

voisin: mpiray vohitrindrina

vrai: tena, marina

hypocrite: mpiatsaravelatsihy

avoir dans le nez: tofoka, leo tsy tia

pense que: mihevitra fa, miheritreritra fa

rester: mijanona

hotel: hotely

collègue: mpiara-miasa

boire: misotro

bière: labiera

vraiment: loatra, indrindra, marina

passer des vacances: manao vakansy

pays: firenena

faire du lèche-vitrines: mijerijery tsena